Malagasy Protestant Church in France
Madegassiche Protestantische Kirche in Frankreich
Eglise Protestante Malgache en France
Fiangonana Protestanta Malagasy aty Andafy

Siège national
47 rue d Clichy
75311 Paris Cedex 09
Tél : 01 45 96 03 05

Vavaka Fiambenana Alatsinainy 21 Septambra 2020

Thème : Les évènements de la passion
Texte : Matio 26,1-30

Fiharabana Apostolika

FFPM172/1,2
1. Hoderaiko lalandava
Jeso 'Lay Mpanavotro
Noho ny fitiavana ahy,
Maty mba ho soloko.

Fiv : Hoderaiko, hoderaiko
Fa ny rany masina
Nentiny hanavotra ahy:
Afaka ny heloko.

2. Holazaiko lalandava
Ny tantara mamiko,
Zay nitadiavana ahy
Very noho ny heloko:
Hoderaiko, sns…

Vavaka fihaonana sy fiaiken-keloka

FFPM753/1
Fiv : Tiako ny hiaraka Aminao Jesoa
N'aiza n'aiza hitondranao ahy
Tiako ny hiaraka Aminao Jesoa
Fa Hianao no miantso ahy.

1. Hiaraka Aminao aho, Ô ry Jeso Tompoko
Tsy manana olon-kafa aho,
Fa Hianao no fiainako
Hanara dia Anao, 'zay no faniriako
Hifikitra Aminao aho, Jesoa !

Tiako ny hiaraka, sns...

Fampidirana

FFPM753/2
2. Hiaraka Aminao aho,
ô ry Jesoa Tompoko
Hitory teny soa amin'ireo havako
Hanara dia Anao : 'zay no faniriako
Hanohy ny asanao aho, Jesoa !
Tiako ny hiaraka, sns...

Vakiteny 1 : Matio 26,1-5

Fanazavana fohy

FFPM753/3
3. Hiaraka Aminao aho, ry Jeso Tompoko,
Ho zary famonjena anie ny fahoriako
Hanara dia Anao, 'zay no faniriako
Hifantsika Aminao aho, Jesoa !
Tiako ny hiaraka, sns...

Vavaka isan-tokantrano
- Misaotra an'Andriamanitra amin'ny fahasoavany tsy nahalany ritra.
- Hangataka fanafahana amin'ny fatopatotra.
- Hivavaka ho an'ny marary.

Vavaka ataon'ny Mpitandrina

Vakiteny 2 : Matio 26,6-16

Fanazavana fohy

FFPM753/4
4. Hiaraka Aminao aho, ry Jeso Tompoko,
Hibanjina ny Ray, Tompo Andriamanitro.
Hanara-dia Anao, 'zay no faniriako.
'Zay misy Anao, no hisy ahy Jesoa.
Tiako ny hiaraka, sns...

Vavaka isan-takantrano
- Hifona ny amin'ny fiferetana aina tamin'ny fandaniana amin'ny asan'ny Tompo.
- Hifona amin'ny fitsarana ny hafa.
- Mivavaka ho an'ireo mandalo ady sarotra.

Vavaka ataon'ny Mpitandrina

Vakiteny 3 : Matio 26,17-25

Fanazavana fohy

FFPM478/1
1. Ny hirako izao,
Ray be fitia,
Ny ho akaikinao
Bebe kokoa,
Izay, re, no hirako,
Mandrapahafatiko;
:,: Akaikinao:,:

Vavaka isan-tokantrano
- Misaotra an'Andriamanitra amin'ny fanavotana nomaniny ao amin'i Jesosy Kristy.
- Mitondra am-bavaka ireo ampiasain'ny ratsy hanakorontana ny fiangonan'Andriamanitra.
- Mivavaka ho an'ny Mpitandrina rehetra mpiandry ondrin'Andriamanitra.

Vavaka ataon'ny Mpitandrina

Vakiteny 4 : Matio 26,26-30

Fanazavana fohy

FFPM478/2
2. Raha mba sarotra
Ny diako
Ka zary maizina
Ny làlako,
Ry Ray! Akaikinao
No tian'ny zanakao:
:,: Akaikinao:,:

Vavaka isan-tokantrano
- Misaotra amin'ny fanekena vaovao.
- Mivavaka ho an'ny fiombonan'ny mpino.
- Mba omen'ny Tompo fifaliana sy fiadanam-po na tsiky na tomany ny fiainana.

Vavaka ataon'ny Mpitandrina

FFPM478/3,5

3. Ao no hiseho re
Ny tohatra,
Mba hanatonako
Ny lanitra,
Anjely miantso ahy
Akaikinao, ry Ray!
:,: Akaikinao:,:

5. Na dia hilentika
Ny androko,
Ary izao hita izao
Hilaozako,
Mbola ho hirako,
Ry Andriamanitro!
:,: Akaikinao:,:

Fehiny :

Matio 20,28 ; Jaona 6,54-56

« Fa tahaka izany, ny Zanak' olona tsy tonga mba hotompoina, fa mba hanompo ka hanolotra ny ainy ho avotra hisolo ny maro.
Izay mihinana ny nofoko sy misotro ny rako no manana fiainana mandrakizay; ary Izaho hanangana azy amin' ny andro farany. Fa ny nofoko no tena fihinana, ary ny rako no tena fisotro. Izay mihinana ny nofoko sy misotro ny rako no mitoetra ao amiko, ary Izaho kosa ao aminy.»

FFPM476/1,3

1. Ny eo akaikinao, ry Ray,
No mamiko izao,
Hanjary tena tafaray
Ny foko sy ny Anao
Soa re, ry Raiko ô!
Raha eo anilanao;
Ny hazo fijaliana
Ho tonga maivana.

3. Ny eo akaikinao, ry Ray,
No mandako tokoa;
Ny ratsy dia tsy hahay
Handrombaka ahy koa.
Soa re, ry Raiko ô!
Raha eo anilanao;

Ny ora izay manjombona
Ho fiadanana.

Tsodrano

Ary ho an' izay maharo anareo mba tsy ho tafintohina, ary hametraka anareo tsy hanan-tsiny eo anoloan' ny voninahiny amin' ny firavoravoana, ho an' Andriamanitra tokana, Mpamonjy antsika, amin' ny alalan' i Jesosy Kristy Tompontsika anie, ny voninahitra sy ny fahalehibiazana, ny fanjakana sy ny fahefana hatramin' ny taloha indrindra sy ankehitriny ary mandrakizay. Amena.